

**LOHAHEVITRA**

- Mamantatra ny hevitra fonosin'ny famorana, ireo dingana samihafa arahina ary ny dikan'ireo fitaovana ampiasaina amin'izany

**LESONA HO TADIDINA****Famaritana :**

Ny famorana dia dingana iray atao amin'ny zazalahy kely. Izany dia fanalàna ny nofo kely manarona ny filahiana.

**Ny antony anaovana ny famorana**

Misy antony roa anaovana ny famorana :

- Antony ara-pahasalamana: tany mafana i Madagasikara ka mba hisorohana ny aretina mety hahazo ny zazalahy vokatry ny loto mety ho voatazon'ny lohatsisy dia natao ny famorana
- Antony ara-pomba: mba hisedrana ny zazalahy sy mba hahatonga azy ho tena lehilahy dia natao ny famorana

**Ny dingana arahina**

Amin'ny maha fombafomba azy dia misy ireo dingana arahina hanatontosana/hanatanterahana izany:

- Mijery ny andro any amin'ny mpanandro ny ray anan-drenin'ny zaza mba hahalalana ny andro tsara ho an'ny zaza, ndrao voan'ny tononandro tsy maha-lehilahy
- 1 andro mialoha ny famorana:
  - Manangana ny lapa izany toerana voatokana hanatanterahana ny lanonana
  - Temerina lamba landy ny rindrin'ny lapa
  - Voriana ireo fitaovana ilaina: voatavo monta, fandrotrarana, fary raiki-bololona, akondro

- Ny andron'ny famorana:

- Maka rano mahery: vao mangiran-dratsy (amin'ny 3 maraina) dia mandeha maka ranomahery na ranovita ny tovolahy matanjaka avy amin'ny ankolafin-dray, eny amin'ny rano mandeha na loharano na ranomierina (ranomody) na vinany (fihalonan'ny ranomamy sy ranomasina)
- Manao sarinady: rehefa miakatra mitondra ny ranomahery ho ao an-dapa ireo tovolahy avy ami'ny ankolafin-dray dia sakanan'ny lehilahy avy amin'ny ankolafin-dreny sy ny zaza amam-behivavy. Amin'izany, ny voatavomonta izay lolohavin'y lehilahy velon-dray aman-dreny sy matanjaka dia torahana amin'ny vato. Raha sanatria ka vaky dia ajanona ny famorana satria fambara ratsy izany. Dia mitady andro hafa any amin'ny mpanandro indray hanatanterahana izany
- Manao ny famorana: rehefa tonga an-dapa ny ranomahery dia tanterahin'ny rain-jaza ny famorana ka amin'izany ataon'ny raibe na ray na dadatoan'ny zaza telimoka amin'ny akondro na toaka ny lohatsitsy voatapaka ; tondrahana ranomahery ny fery mba hadio sy hijanonan'ny ra ka ho mora sitrana. Mandritra izany dia mihorakoraka toy izao ny olona: "lahy ialahy lehity" miampy vely daba.
- Manome hasin-jaza: reha efa izany dia atolotra ny hasin-jaza na solon-kilalao na solom-pen'akoho ho an'ny zaza
- Miara-misakafo ny rehetra ka tsy maintsy fen'akoho no laokan'ilay zaza voafora

### Lahatsoratra

#### NY FAMORANA

Anisan'ny fomba malagasy mbola tanterahina mandraka ankehitriny ny famorana. Manao izany avokoa ny Malagasy rehetra na faritra aiza na faritra aiza. Maro ny fombafomba atao amin'izany.

Mandritra ny dingana fiomanana dia mijery andro ny ray aman-dreny. Atao izany mba tsy hiharan'ny loza ny zaza raha sendra andro tsy mifanaraka amin'ny

vintany (tratry ny tononandro tsy maha-lehilahy. Rehefa manakaiky ny andro hanatanterahanaazy dia mandamina ny toerana hanaovana ny famorana ka lapa no iantsoana izany. Temerina lamba landy io toerana voatokana io mba hanehoana fa zava-dehibe ny famorana sy hirariana ny zaza hanan-kasina ho toy ny mpanjaka. Misy ny fiarhana miari-tory ka miandry lapa no hiantsoana izany. Izany dia marika fa miray raharaha ny rehetra sady raharahan'ny mpianakavy rahateo izany. Rehefa maraim-be mialohan'ny hasoavana, dia mandeha mangala-pary ny lehilahy ary misafidy lehilahy matanjaka ihany koa handeha haka rano mahery atao ao anty voatavo monta (mangidy ka tsy hotian'ny bibikely), sady firariana ny zaza ho mangidy lavitry ny faty. Izany no hanondrahana ny ferin'ny zaza rehefa vita ny famoarana. Midika izany ho firariana ny zaza ho mahery sy ho sahy hisedra ny ady sarotra eo amin'ny fainana ary hisandratra tokoa.

Rehefa tonga ny andron'ny famorana dia lehilahy daholo no manao ny fikarakarana ny zaza. Apetraka eo akaiky ny fandrotrarana ho marika fa ho tena lehilahy ny zaza, ary ny fary raiki-bololona izay tandindona anehoana ny zazalahy hoforana, miantoka ny fitohizan'ny taranaka. Manao sarinady ny lahilahy matanjaka, ka izany no hanehoana fa ny zazalahy hoforana dia avy amin'ny ankolafin-dreny ary ampitaina any amin'ny ankolafin-dray.

Rehefa vita ny famorana dia aton'ny raibeny na ny rainy na ny dadatoany telimoka ny lohatsitsy, ampiarahana amin'ny akondro. Marika izany fa mamy teo amin'ny Malagasy ny zanaka, ary ho mariky ny fitohizan'aina ihany koa izany.

Hoentina mamarana ny lanonana ny firarian-tsoa ombam-panomezana ho an'ny zaza, ka hoy ny rehetra “Aza ela fery”, sy hoe “Arahaba ririnina”. Faranana amin'ny fiaraha-misakafo izany rehetra izany, ho fanamafisana ny fihavanana.

### **SAHANASA 1**

1. Inona no atao hoe : « famorana » ?
2. Iza no manatanteraka ny famorana ?
3. Inona avy no fitaovana ampiasaina amin'izany ?
4. Inona avy no fiomanana alohan'ny famorana ?

### **SAHANASA 3**

Ampifandraiso amin'ny tsilo ireto fehezanteny ireto :

Lehilahy no mikarakara ny zaza  
sy ny mahakasika azy. •

- Mba hadio sy tsy handeha ra,  
mba ho mora fery ny zaza.

Ataon'ny raibe/ray/dadatoan'ny  
zaza telimoka ny lohatsitsy. •

- Ho mariky ny fitiavana sy ho  
fitahirizana ny ain'ny zanaka.

Bosasahana ranomahery ny  
fery. •

- Hirariana ny zaza mba ho  
tena lehilahy.

Fen'akoho no laokan'ny zaza  
voafora. •

- Hanehoana fa mandray ny  
hajan'ny zanaka lahy feno izy.

## **SAHANASA 2**

### Fenoy ny fafana

<b>Fombafomba: fitaovana na hetsika</b>	<b>Ny dikany</b>
Mijery andro	.....
Lapa temerina lamba landy	.....
Miandry lapa	.....
Hala-pary ataon'ny lehilahy matanjaka	.....
Voatavo monta: hakana ranomehery, miaro ny zaza amin'ny biby kely mety ha- naikitra noho izy mangidy	.....
Fandrotrarana	.....
Fary raiki-bololona	.....
Akondro: natao hitelema ny lohatsitsy	.....
Vao maraina be:	.....
Ranomahery/ranovita	.....
Sarinady	.....